RAHARAHA FAKANA AN-KERINY

# Hahazo « prime » izay manome vaovao marim-pototra



Mahakasika ny raharaha fakana an-keriny tovovavy tato ho ato, nanambara ny ministry ny filaminam-bahoaka Fano Rodlish Randrianarison, fa homena "prime", na fanomezana, ireo izay manome vaovao marim-pototra momba ity raharaha ity. Savaina avokoa ireo fiara manana fitaratra miloko mainty. Voararan'ny lalàna rahateo ny fanovana ny fitaratry ny fiara ho mainty eto Madagasikara, afa-tsy ireo fiara nahazo alalana manokana toy ny lehiben'ny andrimpanjakana, olom-boafidy (loholona, depiote), mpikambana ao amin'ny governemanta, ambasadaoro na solontenan'ny firenena vahiny monina sy miasa eto amintsika, manam-pahefana ambony na jeneraly mbola miasa, tompon'andraikitra voalohany amin'ny Faritra sy faritany, hoy ny ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny toetr'andro. Momba ity raharaha ity, olona miisa 10 no efa voasambotra sy atao fanadihadiana izay ahitana : Afrikanina 2, Sinoa 2, Malagasy 6. Tsiahivina fa nahitana drogue : amphétamines, métamphétamines, cocaïne ary opiacés tao anaty ràn'ireo tovovavy tratry ny fakana an-keriny. Ireo manam-baovao momba ity resaka kidnapping ity dia afaka miantso ny polisy amin' ny: 988, na ny zandary : 119.

**Niaina**

Behenjy faritra Vakinankaratra

# Tratra ilay mpanaparitaka vola sandoka

Miparitaka amin'izao fotoana ny vola sandoka any Behenjy distrikan' Ambatolampy faritra Vakinankaratra, ny antony dia noho ny fisian'olona manaparitaka izany. Noho ny ezaky ny mpitandro filaminana anefa, tratra izany mpanao ratsy mpamerin-keloka izany. Vokatry ny fahaiza-manaon'ny zandarimaria sy ny fampiharana ny "Tagnamaron'ny fandriampahalemana", no nahasaronana ny tovolahy iray mpanao vola sandoka ny talata teo, sy ireo karazan-javatra maro ahafahana manenjika azy araka ny lalàna.
Niainga avy tamin'ny fifamaliana tsotra nataon'ity ranamana ity tamin'olontsotra, ny filazany ny tenany ho polisy no niaingan'ny Zandarimaria hanamarina ny momba azy. Tsy ananany akory ny baiko avy amin'ny lehibe lazainy fa naniraka azy. Tratra teny aminy ny: badge sandoka Police des stupéfiants CRS frantsay. Taratasy hosoka maromaro fanaovana visa mankany ivelany. Nanome baiko avy hatrany ny Kapiteny komandin'ny vondron-tobim-paritry ny Zandarimaria Ambatolampy ny hanokafana fanadihadiana lalina. Ny Chef de Poste Avancé Behenjy, no niandraikitra ny fanadihadiana azy, ka naka alalana tamin'ny fitsarana hisava ny trano. Sarona avokoa ny fitaovana rehetra sy ny vokatry ny asa ratsiny. Lela- vola 200 euros mitentina 111.760 Euros. Lelavola malagasy mitentina 8.621.600 ariary. Marihina fa vola sandoka avokoa ireo rehetra ireo. Fanamiana polisy. Diploma sandoka frantsay. Taratasy sandoka marobe. Taratasy misy sonian'ny manampahefana mikarakara visa izay nosandohany ihany koa. Certificat de nationalité hosoka. Imprimante fanaovana photocopie mbola nahatrarana vola sandoka. Sy zavatra hafa maro izay iniana tsy ho lazaina eto noho ny fanajana ny fizotry ny fanadihadiana, izay mbola hataon'ny fitsarana. EFA VOATAZONA AMPONJA NOHO NY RAHARAHA VOLA SANDOKA izy. Tiana ny mamarika fa manana taratasy fahafahana vonjimaika avy any am-ponja (BMLP) ihany koa ity lehilahy ity, izay "faniratsirana mpitandro filaminana sy fanaovana vola sandoka 200 euro" no nihazonana azy telo volana teny Antanimora. Ny zandary dia manentana ny rehetra ho mailo lalandava amin'ny vola sandoka. Ary ho mailo ihany koa amin'ny olona tsy fantatra mitonona ho mpitandro filaminana.



*Ireo vola sandoka tratra tany Behenjy.*

**Stefa**

Akon'ny Fetin'ny Reny

# Voafidy ho Neny Miavaka i Lalaina Ravahy



*Lalaina Ravahy, voafidy ho Neny Miavaka 2022.*

Noho ny Fetin'ny Reny tamin'ity taona ity, nikarakara fifaninanana Miss: Neny Miavaka ny fikambanan'ny mpanabe MMFA amin'ny faritra Analamanga. Ny sabotsy 4 jona lasa teo, no natao tetsy amin'ny Live Hotel Andavamamba ny famaranana tamin'izany fifaninanana izany. Voafidy ho Neny Miavaka tamin'ity taona 2022 ity ny reny Lalaina Ravahy. Anisan'ny nitsara ny fifaninanana ny Miss Madagascar Ny Antsaly Rajoelina. Anisan'ny nampiavaka an'i Lalaina Ravahy, ka nahazoany voalohany tamin'izao fifaninanana Miss ho an'ny Reny izao dia noho ny talenta ananany : poeta sady mitendry no mihira izy. Teo koa ny fomba fitaizany ireo zanany , izay efa tafita ankehitriny .

**Aly**

Tsy mbola fisian'ny talen'ny OMDA

# Tsy misitraka intsony ny zony ny mpanakanto hatreto

Nampitondra tolo-dalàna mikasika ny fanatsarana ny rafi-pitantanan'ny Zon'ny mpamorona (OMDA), hoentina ho dinihana sy ho laniana eny amin'ny Antenimierampirenena ny "Sendikan'ny artista Malagasy " tarihan'ny filohany ny mpanakanta Samoëla na Rakoniaina Samoela amin'ny tena anarany. Nambaran'izy ireo fa natao hanatsarana, sy mba hialana amin'ny olana miseho lany hatrany eo amin'ity rafitra ity no nanaovana an'ity tolo-dalàna ity.
Teny amin'ny Espace Dera Tsiadana ny herinandro teo, no nanoloran'i Samoëla sy ireo mpikambana marobe ao amin'ity Sendika ity nahitana mpamoron-kira sy mpihira, mpanoratra, mpilalao tantara sy sarimihetsika sns… tonga teny an-toerana an'izany volavolandalàna izany, natolotra ny solombavambahoaka Rahasimanana Paul Bert na i Rossy, izay mpanakanto naman'izy ireo ihany. Nanome toky ity farany, fa hitondra an'izany tolo-dalàna izany eo anatrehan-dRamatoa Razanamahasoa Christine filohan'ny Antenimieram-pirenena. Marihana fa tsy tonga teny Tsiadana kosa ny depiote Tsiliva, izay filohan'ny vaomieran'ny kolontsaina ao amin'ny Antenimierampirenena, noho ny olana nahazo ny fiara nitondra azy ho aty an-drenivohitra. Hatreto, mbola tsy misy fanendrena na fifidianana ny hanolo ny filohan'ny OMDA teo aloha, Ranjarivo Anja, izay nesorina tamin'ny toerany ny 02 febroary 2022 lasa teo, ka hatreto, tsy misitraka intsony ny zo tokony homena azy ireo ny mpanakanto Malagasy.

**Rainilita**



*"Sendikan'ny artista Malagasy " teny Tsiadana.*

Nodimandry Rija Ratafika

# Misaona ny tontolon'ny sarimihetsika Malagasy

Misaona ny tontolon'ny sarimihetsika Malagasy, nodimandry omaly ny mpanakanto mpilalao sarimihetsika Rija Ratafika. Anisan'ny mpilalao sarimihetsika nanana ny naha-izy azy fahavelony izy, be mpankafy ny sarimihetsika nolalaoviny, nandeha tamin'ny fahitalavitra rahateo izany, ka maro mpanaraka ny filma nitohy nilalaovany tamin'izany fotoana. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno, ho an'ny fianakaviany, sy ny tontolon'ny sarimihetsika malagasy.

**Niaina**



*Rija Ratafika fahavelony.*